## DEPARTEMANTA NY FANABEAZANA

## TORITENY SABATAN'NY FANABEAZANA 30 MARS 2024

Nosoratan'i Dr Felix. Njini (Talen'ny Departemantan'ny Fanabeazana eo anivon'ny Diviziona SID)

### MAMPISEHO NY HERIN'NY FANABEAZANA AMIN'NY ASA

Andininy fototra: 2Mpanjaka 6 :1-6

« Ary hoy ireo zanaky ny mpaminany tamin'i Elisa : Indro, tsy omby anay ny toerana izay itoeranay eto aminao. Masìna ianao, aoka hankany Jordana izahay, ka samy haka hazo iray avy any, dia hanao trano ho anay any mba hitoeranay. Ary hoy izy: mandehana ary ianareo. Fa hoy ny anankiray: Masìna ianao, aoka mba hiaraka amin'ny mpanomponao ho any koa ianao. Ary izy namaly hoe: Handeha ihany aho. Ka dia niaraka taminy izy. Ary nony tonga tany Jordana ireo, dia nikapa hazo. Fa nony nikapa hazo ny anankiray, dia latsaka tany anaty rano ny lela-famaky; ka dia nitaraina hoe izy: Indrisy, tompoko, nindramina iny. Ary hoy ny lehilahin'Andriamanitra: Taiza no nahalatsahany? Dia natorony azy izay nahalatsahany. Ary Elisa nanapaka hazo, ka natsipiny teo, dia nitsinkafona ilay lela-famaky. "

**Fampidirana:**

Ny Fanabeazana advantista dia mifantoka indrindra amin'ny fampivelarana ny mianatra amin'ny lafiny rehetra. Notsipihan'iEllen White manokana fa "Midika zavatra mihoatra lavitra noho ny fandrantoana lalam-piofanana fotsiny ny tena fanabeazana marina. Mihoatra lavitra noho ny fiomanana amin'ny fi-ainana ankehitriny izy. Ny tena iray manontolo, sy ny fotoana rehetra mety hiainan'ny olombelona no iantefany. Midika ho fampivelarana ny fahafaha-manao ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy amin'ny fomba mirindra izany. " (Éducation, p. 15).

Izany fomba fijery filôzôfika izany dia voafintina ao amin'ilay fanafohezan-teny amin'ny teny anglisy hoe HHH, izay midika ho fanabeazana ny fo (Heart), ny loha (Head) ary ny Tanana (Hand). Mampalahelo indraindray fa lasa atao tsinontsinona ny fampivelarana ny fahafaha-manaon'ny tanana, na ao an-tokantrano izany na any an-tsekoly. Ny tanjon'ny hafatra androany dia ny hanasongadina ny maha-zava-dehibe ny fampivelarana ny Tanana amin'ny alalan'ny fanabeazana amin'ny asa.

Nanamarika i Mahatma Gandhi fa "mila fanavaozana ny fanabeazantsika. Tokony hanabe ny atidoha ny tanana. Raha toa ka poeta aho, dia efa nanoratra tononkalo momba ny fahafaha-manaon'ireo rantsan-tanako dimy. Ireo izay tsy manofana ny tanany, fa mionona amin'ny fanabeazana tsotra nahazatra, dia tsy hisy mozika mihitsy handravaka ny fiainany."

Ny Fandaharam-pianarana tao amin'ny Sekolin'ny Mpaminany

Manokatra varavarankely ahafahantsika mahatakatra ny momba ny fandaharam-pampianarana ao amin'ny sekolin'ny mpaminany ilay andalan-tsoratra masina izay novakintsika teo, izay tokony his-intonan'ny sekolintsika lesona sy fampianarana. Ny sekolin'ny mpaminany (1 Sam. 19:18-24; 2Mpanjaka 2; 2 Mpanjaka 4:38-44) dia natokana ho an'ny fianarana ny Soratra Masina sy ny fampiofanana ireo mpianatra ho amin'ny fanompoana masina. Nanoratra i Ellen White hoe: "Andriamanitra mihitsy no namo-rona ny sekolin'ny mpaminany [...] Tsy tokony hatao tahaka ny sekolin'izao tontolo izao na oviana na ovi-ana ny fitantanana azy ireo [...] Tsy ny fianarana ny Soratra Masina sy nyfampianarana ny lalàn'Andriamanitra ihany no asany, fa koa ny zava-kanto, ny siansa ary ny <u>fahalalanamombanyfampiha-ranaamin'nyfiainanaandavanandro</u>" (Conseils aux Educateurs aux Parents et aux Étudiants, p. 541). Fan-ampin'izany, nanamarika koa izy fa "tao amin'nysekolin'ny mpaminany no nanovozan'ireo mpianatra fahal-alana momba ny Soratra Masina, kanefa tsy izany ihany. Nampianarina asa mahasoa izy ireo, izay na-hafahan'izy ireo mamelona ny tenany arak'izay nilainy" (Education, p. 55). Izany no antsointsika amin'izao fotoana izao hoe fanabeazana amin'ny asa.

ManaikynyFilànaFanitarana:

Ao amin'ny 2 Mpanjaka 6:1-6 isika dia mahita andiana mpaminany (mpianatra) izay mahita sy manaiky ny fetran'ny toeram-pivorian'izy ireo.Ny fanirian'izy ireo hitombo sy hivoatra no nitarika azy ireohanome soso-kevitra an'i Elisa hanorina efitrano fianarana vaovao. Tsara ny manamarika fa avytamin'ireo mpianatrano niavian'ny sosokevitra hanapaka hazo hanaovana ny efitrano fianarana fa tsy avy tamin'i Elisa, izay talen'ny sekoly. Mampiseho amintsika izany fa zatra amin'ny fanaovana asa Tanana sy ny famahana olana ireo mpianatra ireo. Nahita izy ireo fa voafetra ny fahafaha-manao ny noho ny toe-

javatra nisy. Mariho fa ny mpianatra mihitsy no nanomboka ny dingana amin’ny fampandrosoana, nyfanitarana ary ny fitomboan'nysekoly.

Afaka manao toy izany koa ve ireo mpianatry ny sekolintsika? Afaka maneho toe-tsaina miahy sy vonona hiatrika zava-tsarotra ao an-tokantrano ve ny zanatsika? Nambaran’i Ellen White fa “tsy ampy ny fananana fahalalana avy amin’ny boky. Tsy maintsy ampianarina hampiasa ny tanany ny mpianatra, mba hahatonga azy hahomby amin’ny lafiny mahasoa rehetra amin’ny asa”. (Conseils aux Educateurs aux Parents et aux Étudiants, p. 247).

Manizingizina mafy izy fa "Aoka ny tanora hampianarina hanatanteraka ireo asa azo ampiharina eo amin'ny fiainana, ary mianatra mitana andraikitra, manao ny anjara asa ny am-pahatokiana, toy ny hoe miofana ho amin'ny asa lehibe." (Éducation, p. 248).

**Fampandraisana anjara nyMpampianatra**

Tsy tian’ireo mpianatra ny hiatrika ity tetikasa ity irery. Nangataka ny fitarihana sy fandraisan’anjaran’i Elisa, izay talen’ny sekoly sady lehilahin’Andriamanitra, izy ireo. Nanaiky ny hamela ny asany arapitantanana izy mba hiarahana amin’ireo mpianany ireo. Tena mpanabe tsara tokoa izy! Tahak’izany koa ,tokony handray anjara mavitrika amin'ny fanabeazana amin’nyasany ray aman-dreny sy ny mpampianatra amin'ny maha-mpanoro hevitra, mpitari-dalana ary modely ho an'nyzanany / mpianany. Nanoratra toy izaoi Ellen White: “Aoka ny mpampianatra hitondra ny mpianany hiaraka aminy ho any amin’ny toeram-piasana, ny zaridaina, ny saha, ary amin’ny fampianarana azy ireo hiasa no hahita ny fahafahana hanome azy ireo lesona izay ho toy ny voa afafy amin’ny tany tsara.” (Conseils aux Educateurs aux Parents et aux Étudiants, p. 247). Amin'nymaha-ray aman-dreny sy mpampianatra antsika dia tsy maintsy minia manokana fotoana hiarahana miasa amin'ny mpianatsika isika. Hanampy azy ireo hankasitraka ny fahamendrehan'ny asa izany.

**FahazotoanasyFikirizana:**

Rehefa nanomboka ny tetik'asa fanorenana ireo mpianatra, dia tojo fahasahiranana ny iray tamin'izy ireo rehefa nilatsaka tao anaty rano ny lohan'ny famakiny. Very  hevitra izy ka nitaraina tamin’i Elisa, satria fantany fa nindramina ilay loha famaky. Fa Elisa kosa, naneho finoana tsy voahozongozona ao amin’ny Tompo, ka nanontany ilay mpianany hoe taiza no nilatsaka ilay loha famaky, ary nampitsinkafona ilay vy tamin’ny fomba mahagaga izy. Eo amin’ny fanabeazana amin’ny asa, dia mianatra ny tanora fa tsy azo ihodivirana ny fanamby sy ny tsy fahombiazana, saingy amin’ny alalan’ny fahavononana sy ny finoana no ahafahantsika mandresy izany. Tsy tokony ho kivy noho ny tsy fahombiazana mihelina isika, fa hihevitra izany ho toy ny fahafahana hianatra sy hanandrana ny herin’ny Tompo.

Ny Voalazan’ny Baiboly momba ny Fanabeazana amin’ny Asa

Ny fanabeazana amin’ny asa dia raisina ho asa Tanana iniana atao sy mahasoa, voalamina ho ampahany manan-danja amin'ny fizotran'ny fianarana ary ahazoana tolotra entana na asa (biens et services). Ny tontolon'io lafiny manan-danja amin'ny fanabeazana io dia mitondra  antsika hiverina amin'ny tantaran'ny famoronana. Ao amin’ny bokin’ny Genesisy, dia hitantsika fa aseho ho toy ny mpiasa Andriamanitra, izay namorona izao tontolo izao sy izay rehetra eo aminy (Genesisy1: 1-31). Antsoina koa ny olombelona hiasa sy hikarakara ny tany:Genesisy 2:15 “Ary Jehovah Andriamanitra nitondra andralehilahy ka namponina azy tao amin'ny saha Edena hiasa sy hitandrina azy.”

Nomena ny olombelona ny asa Tanana talohan’ny fahalavoana, tahaka ny fanambadiana sy ny Sabata. Ao amin’nyGenesisy 1:28, dia nandidy an’i Adama sy Eva Andriamanitra hoe: “Maro afarasy mihabetsaha ary mamenoa ny tany, ka mampanompoa azy.”Tafiditra ao anatin’io didy io ny andraikitra hitantana sy hikarakara ny zavaboarin’Andriamanitra, izay matetika ahitana fanaovana asatanana mivaingana. Noho izany, “fitahiana ny asa fa tsy ozona.... Mitondra fahasambarana sy fanajana ny tena ary fanambinana”. (Les Paraboles de Jésus, p. 302).

Ny didy momba ny Sabata dia manantitrantitra ny amin’ny fanaovana asa alohan’ny hidirana amin’ny fitsaharan’ny Sabata. Eks. 20: 9, 10 “Henemana no hiasanao sy hanaovanao ny raharahanao rehetra. Fa Sabatan'i Jehovah Andriamanitrao ny andro fahafito”.

Ny ohatra nasehon’i Kristy:Marka 6 :3 “Tsy ilay mpandrafitra, zanak'i Maria vaIlehity?” Fantatra tamin’ny maha-mpandrafitra azyi Kristy.

Ohatra navelan’iPaoly:Mpanamboatra trano lay ny apostoly Paoly, ary niankina tamin’io asa io izy mba hamelomany ny tenany (Asan’nyApostoly18: 1-4).

Asan’nyApostoly 20: 34 "Fa fantatrareo ihany fa ireto tanako ireto no niasa mba hahazoako sy ny niaraka tamiko izay nilainay."

1 Korintiana4: 12 "Ary misasatra miasa amin'ny tananay izahay".

2 Tesaloniana3: 8 "Fa niasa andro aman'alina tamin'ny fikelezan'aina sy ny fisasarana mba tsy hahavaky tratra na dia iray akory aminareo aza" .

Raby jiosy - "Izay tsy mampianatra ny zanany hiasa dia mampianatra azy hangalatra."

Manohitra ny hakamoana sy ny fidonanaham-poana ny Baiboly.

Ohabolana10:4 : “ Ho tonga malahelo ny miraviravy Tanana amin'ny asany; Fa mampanan-karena ny tanan'ny mazoto.”

Ohabolana13:4 : “ Ny fanahin'ny kamo maniry, fa tsy mba mahazo; Fa ny fanahin'ny mazoto hohatavezina.”

2 Tesaloniana3:10 : “ Fa fony mbola teo aminareo ihany aza izahay, dia nandidy anareo hoe: Raha misy tsy mety miasa, dia aoka tsy hihinana izy.”

Ohabolana18:9 : “ Ary izay malaina amin'ny asany dia rahalahin'nympanimba .”

1Timoty 5:8 : “ Fa raha misy tsy mamelona ny azy, indrindra fa ny ankohonany, dia efa nandà ny finoana izy ka ratsy noho ny tsy mino aza . “

Ohabolana 13:11 : “ Ny harena azoazo foana dia mihena lalandava; Fa izay mahavatra mitsimpona no mampitombo.”.

Ohabolana 12:24 : “ Ny tanan'ny mazoto no hanapaka; Fa izay miraviravy Tanana dia hampanompoina.”

Ao amin’ny Soratra Masina, ny asa dia tsy raisina ho toy ny sazy, fa zavatra atao manan-danja sy manorina izaya hafahan’ny olona iray mandray anjara amin’ny fanasoavana ny fiaraha-monina sy manatanteraka ny antso nomen’Andriamanitra azy. Tadidio fa niantso an’iBezalila Andriamanitra arynanome azy ny fahaiza-manao rehetra ilaina amin’ny fanorenana ny tabernakely. Eny tokoa, iBezalila no olona voalohany voarakitra ao amin’ny Soratra Masina nolazaina fa feno ny Fanahy, ary izany no nanampy azy hanorina ny tabernakely (Eks. 31: 3). Andriamanitra no niantso sy nanome fitaovana an’iBezalila tahaka ny niantsoany sy nampitaovany an’i Mosesy.

Rehefa nomena andraikitra hanorina ny tempoly kanto indrindra ho an’i Jehovah i Solomona Mpanjaka, dia takany fa tetikasa iray izay mitaky asa sy fahaizana be dia be izany. Hoy ny Baiboly: “Ary Solomona mpanjaka naniraka haka an'i Hirama avy tany Tyro. Zanaky ny vehivavy mpitondra-tena tamin'nyfirenen'i Naftaly izy, nefa rainy dia lehilahy Tyriana, mpiasa varahina; feno fahendrena sy fahiratan-tsaina ary fahaizana izy hahavitany ny asa varahina rehetra. Dia tonga tao amin'i Solomona mpanjaka Hirama ka nanao izay asa rehetra tao aminy.” (1 Mpanjaka7: 13, 14). Ny fanandramana niainan’iHirama dia manasongadina ny fahamarinan’ny tenin’ny Baiboly ao amin’ny Ohabolana 22:29 manao hoe: “Mahita olonamailaka amin'ny raharahany va ianao? Eo anatrehan'ny mpanjaka no hitsanganany, Fa tsy hitsangana eo anatrehan'nyolona ambany izy.”

Hitantsika arak’izany fa ny Baiboly dia manamafy ny hasarobidiny sy ny maha-zava-dehibe ny asa azo ampiharina, anisan'izany ny asa tanana.

Ellen G. White momba ny Maha-zava-dehibe sy ny Tombontsoan’ny Fanabeazana amin'ny Asa

Noraisin’i Ellen G. White ho loharanon-kevitra sy tari-dàlana ho an’ny fanabeazana Advantista nymodely ara-Baiboly momba ny sekolin’ny mpaminany. Nino izy fa ny foto-kevitry ny fiorenana ara-panahy, nyfampivoarana ny toetra, ny fahaiza-manao azo ampiharina, ary ny fiomanana ara-misionera dia tokonyhampidirina ao anatin’ny fandaharam-pampianarana ao amin’nysekoly Advantista. Nitaraina izy fa "Mahatonga azy ireo tsy hifandray amin'ny tena fiainana ny lalam-piofanana arahiny. Ela niainanatao amin'ny teoria sy ny zavatra tsy azo tsapain-tanana izy ireo ka tsy vonona ny hiatrika, amin'ny maha-izy azy rehetra, ny ady mafy eo amin'ny fiainana. " (Éducation, p. 298).

Ireto andalan-teny manaraka avy amin'ny bokiny ireto dia manome torohevitra tsy voafetran’ny vanim-potoana momba ny maha-zava-dehibe sy ny tombontsoan'ny fanabeazana amin’nyasa.

Ny Hasin’ny Asa:

"Aoka ny tanora hianatra fa ny miaina dia midika ho fiasana mafy. Ilain’izy ireo ny mampihatra ny foto-kevitra nambaran’Andriamanitra ao amin’nyTeniny amin’ny sehatra rehetra amin’ny asa atao. Izany no fomba hahatongavan'izy ireo amin'ny ambaratonga ambony indrindra. Amin’izay izy ireo afaka hitana ny toerany eo amin’izao tontolo izao amim-pahombiazanako koa ary hahita fahafaham-po lehibe kokoa noho izay azony avy amin’ny fiderana ataon’nyolona." (Éducation, p. 244).

"Tsy misy olona tokony ho kivy amin’ny fiezahany hampiasa ny fahaizany amin’ny mety indrindra sy hahazo fahalalana sy fahaiza-manao. Tokony hanana faharanita-tsaina ny rehetra momba ny asa ataon'ny-tanantsika, ary tokony hahatakatra ny fomba hahazoana tombony amin’ny fihetsika rehetra atao." (Conseils aux Educateurs aux Parents et aux Étudiants, p. 90).

Fahaiza-manao azo ampiharina sy fiofanana arak’asa :

"Aoka ny tanora hampianarina hanatanteraka ireo asa azo ampiharina eo amin'ny fiainana, ary mianatra mitana andraikitra, manao ny anjara asany am-pahatokiana, toy ny hoe miofana ho amin'ny asa lehibe." (Éducation, p. 248).

" Ny fampianarana ara-teorika amin'ny ankapobeny dia tsy mitondra afa-tsy ho amin'ny fijerena ny endrika ivelany fotsiny. Ny fampiharana kosa dia mampianatra ny fananana toe-tsaina mandinika sy misaina ho an’ny tena. Mampiroborobo ny fivoaran'ny fahendrena izay ahitana ny zavatra "mitombinatsara" izany. Mampianatra antsika handrafitra tetikasa sy hanatanteraka izany amim-pahombiazana izy, mampitombo ny herim-pontsika sy ny faharetantsika, ary mitaky ny fahaizantsika mandanjalanja sy ny fahaizantsika miasa.” (Éducation, p. 249).

**Famolavolana  ny Toetra amin'ny Alalan'ny Asa:** Mitana anjara toerana lehibe eo amin’ny famolavolana ny toetra ny fanabeazana amin’ny asa. Manampy amin'ny fikolokoloana toetra tsara toy ny fahazotoana, ny fikirizana ary ny fandraisana andraikitra. "Ny fampivelarana ny saina fotsiny, izay tsy mijery ny fivelaran'ny ara-batana, dia tsy hamokatra lehilahy sy vehivavy manan-danja. Ny fampiofanana mahomby indrindra dia ny fampiarahana ny fanazaran-tena ara-batana sy ara-tsaina. Tsy maintsy fenoina any an-tsekoly ny fampianarana natomboka tao an-tokantrano. Ary ny hery miasa mangina mahomby indrindra ao an-tokantrano sy any an-tsekoly dia ireo izay mampiroborobo ny fampivelarana ny toetra mahitsy." (Éducation, p. 244).

Ny Asa amin'ny Maha-fitaovana entina hanaovana Asa fanompoana azy: Ny fanabeazana amin'ny asa no manomana ny mpianatra ho tonga mpanompo sy misionera mahomby. "Ilaina indrindra ireo izay nandranto fahalalana azo ampiharina momba ny fiainana an'asa. Afaka miditra amin'nysaha vaovao izy ireo, ary amin'ny alàlan'ny fahalalany ny asa maro isan-karazany sy ny fahaizany mampiasa fitaovana, dia afaka manampy amin'ny fananganana toeram-pivavahana izy ireo. Afaka manampy amin'ny lafiny-maro izy ireo. Afaka mitondra ny fianakaviany any amin'ny vondrom-piarahamonina vaovao sysahirana izy ireo. " (Éducation, p. 244).

Mampifandanja ny Asa Ara-tsaina sy ny Asa Tanana: Ny fanabeazana dia mampivelatra ny fahaiza-mamorona sy ny famolavolana zava-baovao. Maneho hevitra, fomba fijery ary teknika famahana olana-maro samihafa ho an'ny mpianatra izy. Ny fanabeazana amin'ny asa dia mamporisika azy ireo hivoaka amin'ny lalana mahazatra, hametra-panontaniana momba ireo fitsipika mahazatra ary hikaroka fahafaha-manao vaovao. Manome azy ireo fahalalana sy fitaovana ilaina amin'ny fiatrehana ireo fanamby-amin'nyfomba fijery vaovao sy famolavolana vahaolana vaovao izy. "Tsy tokony hobeazina mba hianatra hamaky teny syhanoratra, ary hitahiry kaonty sy hanao drafitra fotsiny  nyankizy sy ny tanora, fa hianatrahampihatra ny fahalalany, mba hahasoa azy amin’ny vanim-potoana ny ary koa ho an'ny taranany. Tsymaintsy ampianarina hiasa amin'ny fomba feno hakingana izyireo."(Conseils aux Educateurs aux Parents et aux Étudiants, p. 247).

Fahaizana azo Ampiharina ho an'ny Fahaleovan-tena: Ny fanabeazana amin'ny asa nohahazoan'nyny mpianatra ny fahaiza-manao azo ampiharina izay hahatonga azy ireo hahaleotena sy afaka miantoka ny tenany. Manantitrantitra ny maha-zava-dehibe ny fampianarana asa mahasoa Ellen White, izay ahafahan'ny mpianatra mamelona ny tenany sy mandray anjara amin'ny fanohanana fiaraha-monina. "Aokany tanora hampianarina asa isan-karazany, mba hahafahan’izy ireo mivelona amin’ny tenany ihany. Aoka izy ireo hampianarina fa mendrik'haja ny fisasarana ary tsy misy olona tokony ho tohanana amin’ny asa

mavitrika ataon'ny hafa raha toa ka afaka mamelona ny tenany izy."(Conseils aux Educateurs aux Parents et aux Étudiants, p. 244).

"Ny mpianatra tsirairay dia tokony handranto fahaizana momba ny sampana'asa Tanana iray izay ahafahany mivelona, raha toa ka ilaina izany. Tena ilaina izany fahalalana izany, tsy ho fiarovana amin’ny fiovaovan’ny fiainana fotsiny, fa koa noho ny hery miasa mangina ananan'izany eo amin’ny fivelarana ara-batana, ara-tsaina ary ara-moraly." (Éducation, p.244).

**Fampiraisana ny Asa sy ny Fianarana:**Tsy maintsy misy ny fampiraisana mirindra eo amin'ny asa sy ny fianarana eo amin’ny sehatry ny fanabeazana. Tsy tokony horaisina ho sakana amin'ny fikarohana ara-tsaina ny asa fampiharana, fa ho toy ny lafiny mifameno amin'ny fanabeazana. “Tsy tokony horaisina ho fifehezana an-tery ny fampianarana, fa fanokafana sy fampivelarana ny herin’ny vatana sy ny saina, mba hitondrana azy ireo, amin’ny alalan’ny famolavolana mety, ho amin’ny asa mirindra. Aoka tsy ho beazina fotsiny mba hahazo fahalalana ny mpianatra fa tokony hampiofanina amin’ny fomba izay hampivelatra sy hanamafy ny fahaiza-manao rehetra.”(Éducation, p. 21).

Fampivelarana nyToetra amin'ny Alalan'ny Asa: Ny fanabeazana amin'ny asa dia tena ilaina amin'ny famolavolana ny toetra sy fampivelarana ny fahatsapana ny andraikitry ny tena. "Ny fampiofanana amin'ny fampiharana ataon'ny Tanana dia ampahany amin'ny asa tokony hatao any an-tsekoly. Aokany mpianatra hianatra hanao ireo asa ilaina ao an-tokantrano syeo amin'ny fiainana andavanandro. Ny tanora izay mianatra ny fampiasana ny fahalalana azony any am-pianarana no ho voaomana tsara kokoa ho amin’ireo adidy amin’ny fiainana noho ireo izay tsy nahazo fampianarana toy izany.”(Conseils aux Educateurs aux Parents et aux Étudiants, p. 244).

**Ny Asa amin'ny maha-fomba Fifehezana ny Toetra Azy** :Mitana anjara toerana lehibe eo amin’ny fifehezana sy famolavolana ny toetran’ny olona ny fanabeazana amin'ny asa. "Ny asa sy ny fianarana dia tokony hatambatra eo amin’ny fiainan’ny mpianatra, mba hitovy ny fivelaran'ny hery ara-batana sy ara-tsaina. Ny fivelarana mirindra eo amin’ny hery ara-batana, ara-tsaina ary ara-moraly no hanomana ny mpianatra, tsy ho amin’ny fahafinaretana feno amin’ity fiainana ity, fa ho amin’ny fifaliana lehibe kokoa amin’ny fanompoana midadasika amin’ny fiainana ho avy koa.”(Conseils aux Educateurs aux Parents et aux Étudiants, p. 247).

"Tsy azo tombanana ny hasarobidin'ny fiofanana amin'ny fampiharana ataon'ny Tanana ao anatin'nydingana fanabeazana. Ny tanora izay tia mampiasa ny tanany sy manao izay faraheriny amim-pahatokiana sy ny fikirizana no afaka ho tonga lehilahy sy vehivavy mahasoa, eo ambany fitondran’Andriamanitra. Ho vonona hitana toeram-pitokisana izy ireo mandritra ny androm-piaina ny rehetra."(Conseils aux Educateurs aux Parents et aux Étudiants, p. 247)

**Famolavolana ny Fahatsapana ny Andraikitry nyTena:** Ny fanabeazana amin'ny asa no mampianatra ny tanora hanana fahatsapana nyandraikiny sy ny maha-tompon'andraikitra azy. Amin'ny fandraisana anjara amin'ny asa mamokatra, no hianaran'ny mpianatra ho mendri-pitokisana, azo ianteherana ary mahatakatra ny maha-zava-dehibe ny fanatanterahana  nyandraikiny. “Tsy tokony hobeazina amin’ny maha-mpianatra tsotra izao ny mpianatra, fa amin’ny maha-mpiasa azy ihany koa, mpiasa mahay manao asa azo ampiharina sy mahasoa [...]. Tokony hampiofanina ho tantsaha, mekanika, mpandrafitra, mpanaotrano izyireo. Aoka izy ireo hianatra hanorina trano sy hanamboatra fanaka. "(Conseils aux Educateurs aux Parents et aux Étudiants, p. 247).

**Mamolavola Saina Mamokatra (Industriel):** Ny fanabeazana amin'ny asa no ahafahan'ny mpianatra manaraka ny fironana farany amin'ireo indostria, ny teknolojia vao misondrotra ary ny fomba fanao tsara indrindra. Tokony hampianarina ny tanora ny hasarobidin’ny asa mafy sy ny fikirizana ary ny etika mafy orina amin'ny asa. "Aoka ny mpianatra hampianarina hahatsapa fa tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fampiasany ny fotoany izy ireo. Ampianaro izy ireo fa fohy ny fiainana, ary nomena azy ireo mba hanomanany ny tenany ho amin'ny mandrakizay. Tokony hianatra hazoto amin'ny fianarany izy ireo, mba hahafeno ny fepetra hahafahany manao ny asa nomen’Andriamanitra azy ireo. « (Conseils aux Educateurs aux Parents et aux Étudiants, p. 244).

"Ny mpianatra rehetra dia tokony hanokana ny ampahany amin'ny androny amin'ny asa mavitrika. Hampivelatra ny fahazarana miasa amim-pahazotoana izy ireo amin’izany ary hahazo faharisihana tsyhiankina amin'ny hafa, izay tena hahasoa ny mpianatra sy ny fiaraha-monina." (Éducation, p. 250).

"Tokony hampianatra ny tanora ny hasarobidin’ny asa Tanana isika ary mametraka ao anatin’izy ireo ny fahazarana mamokatra amin’ny alalan’ny fanatanterahana am-pahatokiana ny asany. Aoka ny tanora

tsirairay ampianarina ny fitsipiky ny fahadiovana sy ny vatan'olombelona ary mba hahatakatra ny fiasan'ny vatany manokana." (Conseils aux Educateurs aux Parents et aux Étudiants, p. 246).

**Ny Asa Ifandrimbonana sy ny Fiaraha-miasa:** Ny fanabeazana amin'ny asa no mamolavola ny toetsain'ny fiaraha-miasa sy fanatanterahana asa ifandrimbonana. Ilaintsika ny mampianatra ny ankizy/mpianatra hiara-miasa, hanaja sy hanome lanjany fandraisan'anjaran'ny hafa. Fomba iray hanehoana ny toetra ny fiaraha-miasa,ny fampiharana ny fahalalana ary ny asa. Amin'ny alàlan'ny fanomezana vahana ny toe-tsaina miara-miasa, sy ny fanomezana traikefa an-tanana, ary ny famporisihana ny mpianatra haneho ny tombambidiny sy ny fanoloran-tenany amin'ny alalan'ny asany, no hahafahan'nympianatra mampivelatra fahaiza-manao manan-danja eo amin'ny fifandraisan'nyolona, sady manatsara ny fahatakarany, ary mampitombo azy amin'ny toetrany sy ny fahamendrehana. "Amin'ny fanofanana ny tanora dia ilaina ny fiaraha-miasa amin'nympiasa manana fanomezam-pahasoavana isan-karazany. Aoka ny rahalahy sy anabavy hiray hina amin'ny asa fanabeazana sy fanofanana ny ankizy sy ny tanora, ary hikatsaka ny hampivelatra ao amin'ny tenany sy ny hafany fahaiza-manao ambony indrindra amin'ny saina"(Conseils aux Educateurs aux Parents et aux Étudiants, p. 245).

Fampiharana ny Fahalalana: “ Ny fanabeazana amin'ny asa dia ahitana ny fampiharana ny fahalalanasy ny fahaiza-manao azo ao an-dakilasy. Io no manome traikefa an-tanana sy tetikasa ao amin'ny tontolotena izy izay mampitombo ny fahatakarana sady manatsara ny fizotran'ny fianarana. "Ny tena tanjon'nyfanabeazana dia tsy hoe manao tsianjery fotsiny ny lesona nomena na mitanisa teny, na dia marina aza, izay tsyananan'nysain'nympianatra fahafahana hieritreritra na hanao fampiharana. Ny fanabeazana dia tokony hifehy ny saina sy hampivelatra ny fahaiza-manao, ary hanampy ny tanora hahatakatra ny andraikiny amin’Andriamanitra sy amin’nympiara-belona aminy." (Éducation, p. 249).

Ny Asa ho Fomba IrayHanehoana nyToetra: Ny fanabeazana amin'ny asa dia ahafahan'ny tsirairay maneho ny tena toetrany. Ny fomba fanatonan'ny tsirairay sy ny fanatanterahany ny asany dia maneho nysoatoaviny, ny toe-tsainy ary ny haavon'ny fanoloran-tenany. “Aoka ny mpianatra tsirairay ho takina hanao asa mahasoa ny mpiara-belona aminy, izay sady fitaovana hampivelatra ny heriny, ary aoka izy hianatra ny atao hoe mandray andraikitra, manao sorona ny tenany mba hanampiana ny hafa. Anisan'ny tena fampianarana marina izany."(Conseils aux Educateurs aux Parents et aux Étudiants, p. 246).

**Ny Asa ho toy ny Fomba Fanehoan-kevitra:** Ny fanabeazana amin'ny asa dia manome fahafahanahoan'ny mpianatra hanehony momba azy sy hampivelatra ny talentany sy ny fahaizany manokana. “Nytanora rehetra izay namirapiratan’ny fahazavan’ny fahamarinana dia tsy maintsy mitondra fahazavana ho an’ny hafa. Tahaka ny nandraisany izany maimaimpoana no tokony hanomezany azy maimaimpoana. Tsy tokony hotehirizina ao amin’ny fo feno fitiavan-tena ny diloilon’ny fahasoavana, fa tsy maintsy arotsaka malalaka ao amin'ny fon'ny hafa. Amin'ny fanomezana sy ny fanatitra, amin'ny ezaka ataon'ny manokana, amin'ny hetsika rehetra ho amin'ny famonjena ny fanahy, dia tsymaintsy manome maimaimpoana sy amin'ny fo an-tsitrapo ho an'Andriamanitra isika." (Éducation, p. 300).

Ny Fitantanana sy Fampiasana Amim-pahendrena ny Loharanon-karena:Ny fanabeazana amin’ny asa dia manasongadina ny fitsipika ara-Baiboly momba ny fitantanana, mampianatra ny mpianatra hamantatra fa ny asan’izy ireo dia endrika fitantanana ny loharanon-karena sy ny andraikitra apetraka eo aminy. Anisan’izany ny fitantanana ny fotoana, ny talenta, ny fahaiza-manao ary ny tontolo iainana. Azo entanina ny mpianatra handray ny asany amin’ny fahatsapana ny andraikiny, ary amin’ny fampiasana amimpahendrena ny fahaizany sy ny fananany ho voninahitr’Andriamanitra sy ho an’ny hafa. Ny fanabeazana amin'ny asa ihany koa no mampiditra ny fitsipiky ny fitantanana ny loharanon-karena amim-pahendrena sy ny fahatakarana ny fiantraikan'ny zavatra ataontsika mandritra ny fotoana maharitra. “Aoka ny tanora hampianarina handray ny fotoany ho toy ny renivola, hampiasaina amin’ny voninahitr’Andriamanitra sy ny fanandratana ny zanak’olombelona; ary handray ny talenta hafa rehetra, na ara-batana, na aratsaina, na ara-panahy, ho fanomezana izay nankinina taminy mba ho ampiasainy ho an'ny tanjona mitovy."(Conseils aux Educateurs aux Parents et aux Étudiants, p. 247).

Famoronana Orinasa sy Famolavolana Zava-baovao: Ny fanabeazana amin'ny asa no manome heryny mpianatra hahatonga azy ho mpitondra fiovana tsara sy fanavaozana. Mamporisika ny fisainana mahay mamorona, ny fahaiza-manao, ny fahaizana amin'ny fandraharahana ary ny fahasahiana handray

andraikitra izy. "Tokony ho raisina ho fitahiana ny asa fa tsy ozona.Fomba fitaizana sy fampivelarana izy, fomba fampitana ny fahalalana sy ny fahaiza-manao."(Éducation, p. 243).

Fampiraisana nyTeôria sy nyFampiharana: Ny fanabeazana amin'ny asa no mampifandray ny elanelana misy eo amin'ny teôria sy ny fampiharana, ahafahan'ny mpianatra mahazo fahalalana sy fahaiza-manao ao amin'ny tontolo tena izy. Tokony ho raisina ho toy ny fitaovana fanabeazana ny asa, satria ny traikefa no varavarankelin'ny atidohantsika. "Aoka hampianarina ny mpianatra ny fahatsoran'ny fiainana azo ampiharina. Rehefa mianatra mandrafitra sy manamboatra izy dia aoka hampianarina azy fa zavadehibe ho azy ihany koa ny mianatra mahandro toy ny mianatra manao kajy."(Éducation, p. 250).

Fahasalamana syToe-batana tomady:Tokony hotsindrina mafy mandrakariva ny fifandraisana misy eo amin'ny fanabeazana amin'ny asa sy ny fampiroboroboana ny fahasalamana sy toe-batana tomady. "Ny fianarana sy ny asa Tanana mitambatra no manome fahombiazana ho an'ny fampivelarana ny tena iray manontolo." (Éducation, p. 241). Tsy voafetra amin'ny fitazonana bika sy endrika ihany ny tombotsoa azo avy aminy. Moa ve hain'ny mpianatra na nyzanakao ny manamboatra kodiarana vaky na manolony menaka ao anaty fiara? Hain'izy ireo ve ny manamboatra varavarankely samba na fantsona tsentsina? Mahay mahandro sakafo ve izy ireo? Afaka mitazona ny efitra fandroana ho tsy misy pentina sy madio ve izy ireo? Fahaiza-manao izay hahazoan'nyankizilahy sy ankizivavy tombony ny fahalalana azy ireo, fahaiza-manao izay afaka manampy azy ireo hiaina amim-pahombiazana anatin'ny fahaleovan-tena.

**Fomba Fiasa Etika amin'ny Fandraharahana:** Ny fanabeazana amin'ny asa dia manome sehatra irayhampianarana ireo fomba fiasa etika amin'ny fandraharahana. Rehefa mandray anjara amin'ny fiotazana sy fivarotana ny vokatry ny sekoly ny mpianatra, dia tokony hampiofanina hitondratena amim-pahamarinana, fahamendrehana ary fahitsiana amin'ny asa fandraharahana rehetra. "Amin'ny fandraharahana rehetra dia tsarovy fa mifandraharaha amin'Andriamanitra ianao. Izy no mpanoro hevitra anao, aoka ianao hitodika any Aminy mba hahazoana fitarihana."(Conseils aux Educateurs aux Parents et aux Étudiants, p. 248).

Ahoana ny Fampiharana ny Fanabeazana amin'ny Asa any amin'ny Sekoly Advantista

Taranja Fampiharana: Matetika ny Fanabeazana Advantista no ahitana taranja fampiharana ao amin'nyfandaharam-pianarana. Ireo taranja ireo dia metya hitana lohahevitra toy ny fitantanana tokantrano, nyzavakanto indostrialy, ny haikanto na ny teknolojia. Afaka mandray anjara amin'ny asa fampiharana maro ny mpianatra toy ny fandrahoan-tsakafo, ny fanjairana, ny fandrafetana hazo, ny fanefena vy, ny seramika na ny famolavolana sary. Ireo taranja ireo no mamela ny mpianatra hampivelatra ny fahaizanymampiasa ny tanany, ny fahaizany mamorona ary ny fahalalany amin'ny ankapobeny.

**Asa Fampiharana ara-pamokarana (industriel):** Ny Fanabeazana Advantista dia mamporisika ny fanaovana asa fampiharana ara-pamokarana izay mifanaraka amin'ny iraka, manan-danja amin'ny fanabeazana, mampandray anjara ny mpianatra ary maharitra amin'ny lafiny ara-toekarena. "Tokony ampianarina any amin'ny sekolintsika ny asa fampiharana isan-karazany, anisan'izany ny fitantanam-bola, ny fandrafetana ary ny zavatra rehetra mahakasika ny fambolena. Ilaina ny manomana tetika hampianaranany fanefena vy, ny fanaovana hosodoko, ny fanamboarana kiraro, ary koa ny fandrahoana sakafo, ny fanasana, ny fanamboarana, ny fanoratana ary ny fanontana. Tokony hataontsika ny ezaka rehetra amin’ny fanatanterahana ireo fiofanana ireo, mba ho vonona tsara amin’ny asa eo amin’ny fiainana ny mpianatra.” (Conseils aux Educateurs aux Parents et aux Étudiants, p. 249).

Fandaharana fanasoavana ny fiarahamonina: Ireo fandaharana ireo no manome fahafahanaho an'ireo mpianatra hampiasa ny tanany sy ny fahaizany hanompoana ny fiarahamonina. Ohatra, afaka mandray anjara amin'ny tetik'asa fanorenanana fanavaozana ny mpianatra, na fikarakarana zaridainampiarahamonina, na hetsika hafa izay liana asa Tanana eo am-panomezana fahafaham-po ny filàn'ny fiaraha-monina.

**Fanabeazana an-kalamanjana:** Sekoly Advantista maro no manasongadina ny fanabeazana ankalamanjana sy ny fitandroana ny tontolo iainana. Afaka mandray anjara amin'ny hetsika toy ny fanaovan-jaridaina, fambolena, na ezaka fiarovana ny tontolo iainana ny mpianatra. Ireo traikefa ireo no mamela ny mpianatra hifandray amin'ny tontolo voajanahary, sy hianatra fahaiza-manao azo ampiharina mifandraika amin'ny fambolena sy ny faharetan-javatra,ary hampitombo ny fankasitrahany ny zavaboarin'Andriamanitra.

**Hetsika fanampin'ny fandaharam-pianarana:** Matetika ireo hetsika fanampin'ny fandaharam-pianarana, tahaka ireo klioba, ireo fikambanana, ary ireo programa ivelan'ny fandaharam-pianarana, no manome fahafahana hianarana asa tanana azo ampiharina. Afaka mandray anjara amin'ny klioba mifantoka amin'ny robotika, injeniera, zavakanto, mozika na fanatanjahantena ny mpianatra, izay ahafahan'izy ireo manatsara ny fahaizany sy ny talentany amin'ny alalan'ny fampiharana sy fanazaran-tena.

Fandaharana fianarana sy asa mifandimby: Misy ireo sampam-pampianarana Advantista sasany manolotra fandaharana fianarana sy asa mifandimby, izay ahitana mpianatra miasa ao amin'nysekoly. Ireofandaharan'asa ireo no ahafahan'ny mpianatra mahazo traikefa azo ampiharina, mampivelatra fahaiza-manao ny ary mahazo fidiram-bola mandritra ny fandrantoany fianarana.

Fandaharana fianaran'asa: Sekoly Advantista maro no manolotra fandaharana fianaran'asa izay manome fiofanana azo ampiharina momba ny asa manokana sasany. Mety ho amin'ny sehatra maro ireofandaharana ireo, toy ny teknolojia momba ny fiara, ny fambolena, ny haikantoara-tsakafo, ny fandrafetana hazo na ny siansa momba ny fahasalamana. Amin'ny alalan'ny fanomezan'izany fandaharana izany ireo fiofanana manokana sy traikefa azo ampiharina no handraisan'ny mpianatra ireo fahaiza-manao ilainy amin'ny fanatanterahana izany asa manokana izany.

**Fampidirana fampiharana ao amin'ireo taranja maro samihafa:** Ny fampianarana Advantista dia miezaka ny hampiditra ny fampivoarana ny fahaiza-manao azo ampiharina ao amin'ny taranja maro. Ohatra amin'izany, ireo taranja siantifika dia mety ahitana fanaovana andrana na asa fampiharana ankalamanjana, ireo taranja amin'ny haisoratra mety ahitana fampiharana amin'ny asa fanoratana na fifandraisana, ary ny taranja matematika kosa mety ahitana sehatra famahana olana misyeo amin'ny fiainana tena izy. Izany fampidirana izany no miantoka fa tsy mitoka-monina ny fahaiza-manao azo ampiharina, fa tena ampiharina sy hamafisina tokoa mandritra ny fandaharam-pampianarana.

**ANTSO**

Ahoana no ahafahanao mandray anjara amin'ny fampiroboroboana ny fanabeazana amin'ny asa amin'ny maha-mambran'nyFiangonana anao.

Ampianaro ny zanakao ny hasarobidin'ny asatanana ao an-tokantrano

Ampandraiso anjara ny zanakao amin'ny fanaovana asa Tanana ao an-tokantrano

Tohano ireo sekoly mampandray anjara ny zanakao amin'ny fanabeazana amin'ny asa fa aza mitsikera azy ireo.

Manampia amin'ny famolavolana asa fampiharana ara-pamokarana na sampan mpamokatra ao amin'ny sekoly Advantista.

Tohano ny famolavolana asa fampiharana ara-pamokarana na sampan mpamokatra ao amin'nysekoly Advantista.

Raha manana fahalalana momba ny varotra/indostria manokana na tetik'asa miteraka fidiram-bola ianao dia iangaviana mba hirotsaka an-tsitrapo hanome torohevitra ara-teknika.

Mivavaha mba hotahin'nyTompo ny sekoly Advantista mba hiaina mifanaraka amin'izay andrasan'Andriamanitra aminy.

**Famaranana**

Zava-dehibe ny manamarika fa na omena lanja manokana ao amin'ny Fanabeazana Advantista aza ny fampivoarana ny Tanana, dia tsy io ihany anefa no ifantohany. Ny Sekoly Advantista dia mikendry ny hanome fanabeazana feno izay maharakotra ny fivelarana ara-panahy, ara-tsaina, ara-batana ary ara-tsosialy. Amin'ny fampidirana ny fampivoarana ny Tanana ao anatin'ny fandaharam-pianarana, no hiezahan'ny Fanabeazana Advantista hampitaovana ny mpianatra amin'ny fahaiza-manao sy ny soatoavina ilain'izy ireo hanana ny fiainana misy tanjona sy miompana amin'ny fanompoana, eto amin'izao tontolo izao sy amin'ny tontolo ho avy.